# ALAHADY - FAHA 7 MANDAVANTAONA TAONA A 2023



***Raha misy tia Ahy, hitandrina ny teniko izy, ka ho tian'ny Raiko; ary hankao aminy Izahay, ka honina ao aminy.***

Ry Kristianina havana, mitohy hatrany ny fandalinantsika ny toriteny nataon'i Jesoa teo an-tendrombohitra, izay nolazaintsika fa sata nanorenany ny fiainana maha Kristianina antsika izany hoe fiainan'ireo izay manara-dia Azy hivelona an'izay aina natolony teo amin'ny hazo fijaliana ka hahatonga an'izy ireo ho zanak'Andriamanitra, ho Fianakaviam-ben'Andriamanitra, ho Fratelli Tutti, haha-Olo Araiky antsika Jiaby. Ary io indrindra ny ezaka ataontsika amin'izao Sinaody iarahantsika manao izao ary eo amin'ny dingana faharoa isika dia ny Fianakaviana Eglizy kely miaro ny tontolo iainana ka hahatonga Tranobe Iombonana hiverina amin'ny toetra naharian'Andriamanitra azy.

> Vakiteny I : Lev. 19: 1 - 2, 17 - 18
> Tononkira : Sal. 103: 1 - 2, 3 - 4, 8, 10, 12 - 13
> Vakiteny II : 1 Kor. 3: 16 - 23
> Evanjely : Mt. 5: 38 - 48

Efa ho herinandro maromaro no nandinihantsika ny Toriteny teny an-tendrombohitra satria hitan'ny Eglizy fa Fanorenana ny Fianakaviana vaovao no tian'I Jesoa ho tanjona. Nanomboka tamin'ny nanoloran'i Jesoa ny hasambarana valo na sivy no tena marimarina kokoa, ny fahasivy manambara ny hoe rehefa tena miombona amin'I Kristy isika dia aza gaga raha misy manenjika. Amin'izao Alahady faha-7 mandavantaona izao, ao amin'ny Evanjely toko faha-5 amin'I Md Matio no hahitantsika ny hafatr'i Jesoa ho an'izay te-hanara-dia azy. Aoka ho masina tahaka ny Ray isika raha te hanaradia Azy, Izy izay mampiposaka ny masoandro ho an'ny rehetra tsy misy avakavaka ary dia izay koa no tian'i Kristy

hiainantsika ; hanana ny fitiavana izay fitiavana lavorary ao amin’Andriamanitra dia ilay fitiavan’Andriamanitra tsy manavakavaka, tsy manilikilika. Tiany isika hanana an’izany fitiavana izany ary hitia hatramin’ireo fahavalo aza. Izany  no fomba tian'i Kristy hitiavantsika, hanasoavantsika ary amin’ny alalan’izany fitiavana izany na dia ny fahavalo aza, ny hampiova ny fony no tanjona. Tsy hoe hanao soa fotsiny ireo fahavalo na ireo manenjika isika fa ny tadiavin’i Jesoa koa amin’ny alalan’ilay hafatra hoe : raha hanahaka ny fahamasinan’Andriamanitra, ny fiombonana ao amin’Andriamanitra dia tsy hoe hanao zavatra fotsiny amin’izao amin’ny fahavalo fa ny hahatonga azy hibebaka, hihavao sy hihatsara rehefa mahita ny ataontsika. Izany indrindra no hafatra tian’ny Eglizy hampitaina amintsika amin’izao Alahady faha-7 mandavan-taona izao. Io ilay lazaintsika hoe : ny “teny manaitra fa ny atao mahasarika”

Araky ny-voalazan’ireo vakiteny dia nampitain’Andriamanitra tamin’i Moizy izany hafatra izany ! Aoka ho masina ianareo tahaka ny maha masina an’Andriamanitra, io no vakiteny voalohany ao amin’ny Levitika ***(Lev. 19: 1 - 2, 17 - 18)***.  Ny Tompo Andriamanitra tiavina sy hajaina dia masina indrindra, ka antsoiny isika tsirairay ho masina tahaka azy ka amin’izay dia tena ho zanany sy ho vahoakany tokoa. Tsy misy fetra ny fitiavan’Andriamanitra, ary izany ny fitiavana ampianarin’i Kristy antsika ao amin’ny Evanjely.

Ho raisintsika izao mba hahatonga antsika hiombona Aminy  bebe kokoa amin’ny fiainantsika andavanandro dia tsy inona fa ny mitia fahavalo araka ny efa nolazaintsika teo.

Raha ho dinihina akaiky izay voalaza izay dia aoka amin’ny alalan’ny tsara no hanaovantsika ny zava-drehetra, ho valio amin’ny tsara izay manao ratsy anao. Ny tsara izany no entintsika handavorariana ny fiainantsika ary izay no mitondra antsika amin’ny fahamasinana fa tsy ny valifaty. Fantantsika ny vokatr'izany dia  ny  lolom-po sy ny korontana. Hitantsika ireny herisetra manapotika antsika ireny hatramin’ny tsy manan-tsiny aza no voapotika noho ny hetraketratsika , ny lolom-po, ny valifaty dia potika ny fiainantsika.

Aoka ary hanana fitiavana isika, fitiavana tsy misy takalo, fitiavana maimaim-poana, "*Omeo hanina izay mangataka aminareo",* ary araky ny hafatr'i Jesoa io, "*Aza ilaoza-mihataka izay te hisambotra aminao",* izany hoe ataovy izay asa fanasoavana rehetra ary amin’ny alalan’izay no maha fanasina sy fahazavana antsika araka ny hafatra henontsika tamin’ny Alahady faha-6 lasa teo.

Aza hadino fa raha mampanjaka io fitiavana tsy misy takalo isika dia mivelona ilay fifandraisana noharian’Andriamlanitra antsika hatramin’ny voalohany. Noho izany miova ny fifandraisantsika amin’ny zava-boary, amintsika samy isika, amin’I Zagnahary…. Araka ny averintsika dia io no antom-pisian’ny Sinaody tanterahantsika izao

Tanteraka izany rehetra izany raha ny hafatr’i Md Paoly amin’ny vakiteny faharoa ***(1 Kor. 3: 16 - 23)*** *i*o no entintsika ho filamatra amin’ity herinandro ity : Aoka ho tempoly ianareo, izany hoe Eglizy, ary io no efa naverimberintsika matetika fa indrindra amin’izao vanimpotoan’ny Sinaody hahatonga antsika ho EOV HO EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA ZARY TABERNAKLA VELONA MISIONERA izao. Raha atao teny hafa araka ny efa mahazatra antsika ihany koa dia zary Kristy mpiara-belona isika ary I Kristy miara-dàlana amintsika. Eglizy isika, tempoly, raha

tempoly tokoa isika dia mivavaka, amin'izay ny zavatra rehetra dia ataontsika amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy ary izay no tena fahendrena marina indrindra, voalazan'i Md Paoly amin'io vakiteny io : "*Satria ny fahendren'izao tontolo izao, dia fahadalana eo anatrehan'Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe: Ny hafetsen'ny hendry no hamandrihako azy; ary koa hoe: Fantatry ny Tompo ny hevitry ny hendry, ary fantany fa zava-poana izany "* Aoka àry ho ao amin'Andriamanitra tokoa no hanovozantsika ny fahendrena rehetra satria ny ankoatr'izay dia ny hafetsena, ny lolom-po izay mitondra amin'ny herisetra sy ny fahafatesana ka manapotika ny tontolo iainana. Hitantsika ny doro tanety, ny tevy ala ataontsika, aoka isika mba hihavao satria isika no tempolin'Andriamanitra, raha tempoly isika dia eo anivontsika Andriamanitra ary masina isika raha eo anivontsika ny fitiavana manasoa ny hafa, ary hitady izay mahasoa ny manodidina antsika, hikatsaka mandrakariva ny hampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ka tsy ho hisy intsony ny hafetsena sy fitapitaka fa anaty fahamarinana isika.Izay no manamarina fa ilay Kristy no miara-belona sy miara-dàlana amintsika ary eo anivontsika tokoa ka hahafahantsika manambara fa mpanara-dia azy tokoa isika ary tena Kristianina tokoa araka ny hafatr'i Md Paoly io : Aoka tsy hirehareha na poerapoera noho izany isika fa aoka hanana an'izay endrik'i Kristy ao amintsika izay, tsy hirehareha isika fa zanak'Andriamanitra ao anatin'ny fanetren-tena *"Koa aza misy manao olona ho reharehany, fa anareo ny zavatra rehetra, na i Paoly, na i Apôlô, na i Sefasy, na izao tontolo izao, na fiainana na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy: anareo avokoa izany rehetra izany; ianareo kosa an'i Kristy, ary i Kristy an'Andriamanitra."*

Isika ao amin'i Kristy no maha Kristianina antsika,tsy lavitra izy fa miara-belona amintsika, eo anivon'ny fiainantsika, miara-dalana amintsika. Rehefa izy eo anivon'ny fiainantsika dia izy no manamasina antsika.

Mitodika aminao izahay ry Maria Reny fa mbola manjaka ny fitiavan-tena ao aminay ka ampio izahay hibebaka, ho vonona hihavao, hampanjaka ny tena fitiavana ka hitondra anay amin'ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy Erantany ampianaro izahay hahay hifankatia ka ho vonona hifanasoa sy hifampitsimbina eo amin'ny fikatsahana ny soa iombonana Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson